
# ALAHADY III - PAKA - TAONA A 2023




***« Dia mba notantarain'izy ireo kosa ny zavatra niseho taminy teny an-dàlana sy ny nahafantarany azy tamin'ny famakiana ny mofo"***

Ry Kristianina havana, tena mbola ao anatin'ny hafalian'ny Paka tokoa isika ka asiantsika Aleloia ny fiainana, izany hoe miara-dàlana amintsika i Jesoa nitsangan-ko velona, mpiara-belona amintsika. Izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Eo anivon'ny fiainantsika miatrika krizy. Miara-dalana amintsika mamakivaky ny tontolom-piainantsika manahirana.

**Vakitenyl :** Asa. 2: 14, 22 – 33
**Tononkira :** Sal. 16,
**VakitenyII :** 1 Pi. 1: 17 – 21
**Evanjely :** Lk. 24: 13 – 35

Izany no ankalazaintsika amin'izao Alahady fahatelo amin'ny Paka izao. Ny Evanjely androany tokoa dia mitantara an'ireo mpianatra roalahy avy tany Emaosy, avy any Jerosalema ilay tanàna masina. Tena maneho ny endriky ny fiainantsika ny tantaran'ireo Mpianatra roalahy. Namakivaky ny Herinandro masina isika tamin'ny lohahevitra hoe :"miara-miditra amin'i Jesoa ao Jerosalema isika". Jerosalema ilay tanàna masina sy fiadanana, ka raha miara-maty amin'i Jesoa tokoa isika amin'ny fahotana dia miara-mitsangana aminy ka handray ny fiadanana tena izy araka ny voalazany fa tsy ny fiadanana araky ny omen'izao tontolo izao.

Mamakivaky ny fiainana miaraka amin'i Jesoa àry isika, mpiara-belona amintsika Izy, tsy lavitra Izy na lasa any an-danitra aza. Ivom-piainantsika Izy ka tsy misaraka amintsika fa indraindray noho ny

hamafin'ny fiainana dia takona ny masontsika ka tsy mahita an'i Jesoa, bada ny sofintsika ka tsy mandre an'i Jesoa, rakotra ny fontsika ka tsy mitempo ny fitiavan'i Jesoa, rakotra ny vavantsika ka tsy miteny na mivolagna an'i Jesoa fa ny fitenenana na ny fivolagnan'izao tontolo izao no ampiasaintsika dia ny herisetra, ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fanilikilihana, ny fialonana izay hitantsika amin'ny fiainana andavanandro. Tsy izany no Jerosalema, tsy izany no fiainana misy ny fiadanana nentin'i Jesoa Kristy.

Hitantsika fa rakotry ny fomba fijerin'izao tontolo izao ireo mpianatra avy any Emaosy ka tsy nahita an'i Jesoa izay miara-dàlana tamin'izy ireo.

Zavatra tsara asongadina ihany koa dia Izy roalahy no nanapa-kevitra niala tany Jerosalema handeha any Emaosy satria nikorontana ny fiainana. Maro ny zavatra nantenaina nefa toa hafa no niseho.

Mitranga amin’ny fiainantsika izany amin’izao krizy izao. Betsaka no tsy mahita izay aleha.  Izany no nahatonga antsika miatrika izao Sinaody izao hifampitraotro mba handinika ny fiainana. Hitantsika fa izay koa no nataon’ireo mpianatra roalahy tena an-dalana. Matetika anefa manao saim-pantatra isika ka tsy mahita fa miara-dalana i Jesoa

Izay no nitranga. Nisy ny fifanakalozan-kevitra tokoa teny an-dàlana, *"hoy Izy tamin’izy ireo : “Inona izato resahinareo ety an-dalana, no toa dia efa malahelo ery ianareo izany?” Dia namaly ny anankiray atao hoe Kleôfasy ka nanao taminy hoe: “Ianao irery angaha no vahiny ao Jerosalema tsy mahalala izay zava-niseho tao tato ho ato?”* Nisy ny fanontaniana napetrak'i Jesoa *" Zavatra inona moa izany?”* ary henontsika ny fomba nitarihan’i Jesoa azy ireo mba hanokatra ny masony, ny sofiny, ny vavany ary ny fony. Tsy inona izany fomba nataon'i Jesoa izany fa ny Tenin'Andriamanitra. "*Dia novoasany tamin’izy ireo ny tenin’i Môizy sy ny Mpaminany rehetra manambara Azy ao amin’ny Soratra Masina".*

Araka ny averina amintsika matetika dia mandrakotra ny fontsika ny fihainoana ny tsy tena izy, ny fihainoana ireo zavatra hafa izay misarika ny fontsika amin'ny fihevitr'izao tontolo izao. Koa aza mihaino ny zavatra atoron'olon-kafa fa aoka hitandregny an'i Jesoa isika. Mbola noantitranterin’i Papa Ray masina tamintsika io tamin'ny hafatry ny karemy izay nalefany taona vitsivitsy izay : FANOMEZANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA. Nohazavainy tamin’izany fa ny Tenin'Andriamanitra dia hery velona, afaka miteraka fiovana ao am-pon'ny olombelona ary mitarika ny olona hiverina amin'Andriamanitra. Izany no ezaka ataontsika eto amin’ny diosezy mampandroso ny tenin’Andriamanitra. Tsy atao  haingon-trano fotsiny anefa fa atao hanilo ny fiainana, hitari-dalana. Izany no ataontsika amin’izao Sinaody izao.

Mananatra antsika i Jesoa androany, raha nitraotro tamin'ireo mpianatra Emaosy, mba hahay hitandregny ny Tenin'Andriamanitra. Arakaraky ny fahazotoantsika mitandregny ny teniny no hahafahantsika mahatsapa fa eo anivontsika tokoa i Jesoa mpiara-belona amintsika. Somary mafy ny fitenenan'i Jesoa tamin'ireo mpianatra Emaosy hoe :*" Ry adala sy votsa saina amin'ny finoana"* . Aza gaga isika raha mafy tahaka izany koa ny andrenesantsika ny tenin'Andriamanitra indraindray.

Ao anatin’ny Sinaody isika : EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA NA TABERNAKLA VELONA.  Tsy ho tanteraka izany

sy izao tapany faharoa :”Fianakaviana Eglizy kely miaro ny tontolo iainana” izao raha matotra tsara ny fandalinanam-pinoana miainga amin’ny fahaizana mifampihaino ary indrindra mihaino ny ny tenin'Andriamanitra. Aoka ho tahaka ireo Mpianatra tany Emaosy isika hahay handray azy ao am-po isika fa arakaraky ny ezaka ataontsika hampihatra ny tenin'Andriamanitra no mampisokatra ny fontsika. Araka ny voalazan'i Kleofasy sy ny namany tamin'ny evanjely androany :*“Akory izany firehidrehitry ny fontsika tao anatintsika, fony Izy niresaka tamintsika teny an-dalana, sy nivaofy ny Soratra Masina tamintsika!”*

Enga anie hitandregny tsara ny tenin'Andriamanitra isika amin'izao Sinaody izao ka hirehidrehitra ny fontsika satria nahay nandray an'i Jesoa isika ka vonona hihazakazaka ho any Jerosalema ilay tanàna fiadanana sy masina izay tsy aiza fa io fiainantsika andavanandro anatin’ny krizy nefa miova satria eo I Kristy mitoetra amintsika.

Fanontaniana mipetraka amintsika miatrika izany rehetra izany ny hoe : Ahoana àry ny ahafantarana fa velona ny finoana, ary vonona am-pinoana isika ?

Rehefa isika vonona hihazakazaka hanambara ny fiadanana amin'ireo manodidina antsika tahaka an'izy roalahy, mpianatra avy any Emaosy nankany Jerosalema ka mandeha amin'ny fiaraha-monina, amin'ny fianakaviana, ilay Eglizy kely. Ao isika no manambara ilay Aleloia nandresy ny ratsy, nandresy ny fitiavan-tena, nandresy ny fialonana, nandresy ny avonavona, nandresy ny vandy…Entanin’I Jesoa Velona Nandresy isika ka mampanjaka ny marina sy ny hitsiny, ny fifankatiavana, ny fikatsahana mandrakariva ny fihavanana marina fa tsy ny fihavanana mihatsaravelatsihy noho ny henamaso ka hanambara tokoa an'i Jesoa ilay làlana sy fahamarinana ary fiainana eo amin'ny fiainana andavanandro.

Ry Kristianina havana, nirehidrehitra ny fon'ireo mpianatra roalahy ireo ary aza hadino fa teo am-pamakiana ny mofo no nahafantaran’izy ireo an'i Jesoa. Lehibe tokoa àry ny anjara toeran'ny Eokaristia, tsy misaraka ny tenin'Andriamanitra sy ny Eokaristia. Raha isika milaza fa efa mivavaka aho any an-trano dia tsy ampy izany. Ny Eokaristia dia tsy misaraka amin'ny tenin'Andriamanitra, tsy misaraka ny famakiana ny teniny sy ny famakiana ny mofo, Jesoa mpiara-belona amintsika ka sady mihaino azy isika no mandray ny tenany, izany ny Paka ho antsika.

Rehefa Paka ny fiainantsika dia feno Aleloia ka hahay mampitraotro ny fiainana sy finoana isika. Voalazan'i Md Piera fa tena sarobidy tokoa izao Pakantsika izao, izao batemintsika izao, izany ny mahatonga antsika hanome hasina ny finoantsika" *Tamin’ny alalany no nahazoanareo finoana an’Andriamanitra, Izay nananganana Azy ho velona, sy nanome voninahitra Azy, ka zary fanantenana an’Andriamanitra koa ny finoanareo."* Katolika aho vita batemy, manome hasina ny finoana, mandray an-tànana ny Eglizy ka velona ny diosezy. Ilaina ny eglizy trano vato fa tsara kokoa ny milaza hoe "Izaho no Eglizy velona mandray an-tànana ny finoako tahaka an'ireo apostoly". Izany no ataontsika amin’izao Sinaody izao ka mampirisika antsika hikatroka sy tsy hiravirary tanana.

Izany no nataon'i Md Piera sy ireo apostoly hatramin'ny voalohany, nandray ny Fanahy masin'ny batemy izy ireo ka tsy natahotra nandray ny finoana sy nizara izany tamin'ny mpiara-belona taminy araka ny voalaza tao amin'ny vakiteny voalohany" *Nony tonga ny andro Pantekôty, dia nitsangana niaraka tamin’ny iraika ambin’ny fololahy i Piera, ka nanao antso avo niteny hoe: “Ry Jody sy ianareo*

*rehetra izay mitoetra eto Jerosalema........"* Enga anie ny asantsika rehetra mba ho asan'ny apostoly, asan'Andriamanitra.

Ry Jesoa Kristy zokinay, nataonao mirehidrehitra tokoa ny fon'ireo mpianatra roalahy tafaraka taminao nankany Emaosy ary dia niverina izy ireo, nihazaka nihazakazaka ka nankany Jerosalema izay tanànan'ny fiadanana. Herezo izahay mba hahay hihaino mandrakariva ny teninao ary dia hirehidrehitra koa ny fonay hanambara azy eo amin'ny mpiara-belona aminay. Ampio izahay hahay hamakivaky ity fiainana ity miaraka Aminao ary enga anie hazoto handray ny tenanao izahay amin'ny Eokaristia ka hahafantatra anao amin'ireo manodidina anay, amin'ireo mpiara-belona aminay araky ny voalazan'ny Papa hoe endrikao koa izy ireo ary fanomezan'Andriamanitra.

Endrikao ireo manodidina anay, fanomezana avy amin'Andriamanitra koa enga anie izahay hifanasoa, hifanatsara, hiezaka hanao ny marina, hiaro mandrakariva ny aina, hikolokolo ny manodidina anay, hanome hasina ny finoanay ka hanjaka eo aminay ny fiadananao. Masina Maria ampianaro izahay hahay an’ i Jesoa ka zary Tabernakla velona. Md Josefa aza mitsahatra mivavaka ho anay ho Mpiaro ny finoana tsy amin’ny alalan’ny herisetra fa tahaka anao amin’ny alalan’ny marina sy fahatsorana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson